Manakara 2

**Tsy nahafapo ireo mpandray anjara ny atrikasan'ny HCC**

13 Mey 1972 2

**Mila maka lesona ny mpitandro filaminana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 10 may 2022 Laharana 1296 Vidiny : **500 Ar**



500 Ariary ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao manomboka izao



www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Soavinandriana** 3

## Miandry ny filoha Ravalomanana Itasy ny alatsinainy izao



**Pejy manokana Barean'i Madagasikara** 4 5


## Fantaro ireo mpilalao hiatrika an'i Angola, Centrafrique ary Ghana





**Raharaham-pirenena** 2

## Ireo porofo fa mavandy i Rainilainga



**Hetsika 13 mey 1972** 2

## Hetsi-bahoaka nitaky fahaleovantena, fanagasiana, fitsinjaram-pahefana




**Kamiao sy sprinter nifandona** 6

Maromaro ireo maty sy naratra mafy tany Anjiro Moramanga

**Voasambotra ireo mpisoloky** 6

Vehivavy misandoka ho mpitsabo sy lehilahy milaza ho mpiasan'ny JIRAMA

**Daka kely**

Ialahy kay no tena mpaka tahaka an-dRavalo ry Boaikely a !

RAHARAHAM-PIRENENA

# Ireo porofo fa mavandy i Rainilainga

Mbola misy ny miteny fa tsy mpandainga ilay olona iray izay, noho izany, andeha ho porofointsika fa mpandainga i Rainililainga: nanambara izany olona ambony eto amin'ny firenena izany, ny Filoha io fa:
-efa any anaty sambo ny tramway tamin'ny taona 2009, LAINGA iray iny.
-Ozinina éthanol 2019 nasiana vato fototra, naniry lomotra fotsiny. LAINGA koa iny.
-Tsy mila mpamatsy vola fa mampahantra, ka na 2060 ary tsy handroso mihitsy i Madagasikara, hay mbola LAINGA koa izay nambarany izay.
-Ho lohany i Madagasikara ary hampindram-bola an'i Kaomôro.
-Tsy hanao politika intsony aho raha tsy miatomboka ny voalohan'ny taona 2021 ny RN 13, mbola vandy koa.
-Ataoko 2500 Ar ny litatra ny menaka, 500 Ar ny kg ny vary LAINGA, da vandy avao koa.
-Tsy handray karama aho fa hozaraiko ho an'ny faritra ny karamako. LAINGA ihany, lainga hatrany.
-Eny amin'ny Tanamasoandro no hatao ny fanokafana ny lalao: Jeux des Iles 2023, hatramin'izao tsy misy asa mandeha eny. LAINGA avao koa.
-Gadraiko ary ataoko mamerina hatramin'ny ariary nangalariny izay mangala-bolam panjakana ary tsy hananako havana na namana. LAINGA ary tsy mbola tanteraka.
-Hanao ozinina mpanamboatra simenitra lehibe indrindra aty Afrika. Mbola LAINGA koa.
-Ambatondrazaka ho Paris, Tomasina ho Miami. LAINGA.
-Atombotsika amin'ny taona 2021 ny : fly over, Gasycar. LAINGA.
-Efa ho tapitra ny mandate na ny fotoana iasany, aiza izay parking ambonin'ny EPP eo, na omby iray tsy voapetaka puce, tsy namboly tamin'ny drone, digitalisation fokontany 10 andro, 4x4 hanenjehana dahalo, helikôptera. LAINGA maromaro koa ireo.
-Hamoronana asa be dia be ny tanora, homena tany hamboleny. Vandy jiaby izany.
Vokatr'ireo vandy rehetra ireo, anisan'ny mitana ny rambony i Madagasikara eto ambonin'ny tany, voafahan-dalitra ny Malagasy.

***Ny Valosoa***

Manakara

# Tsy nahafapo ireo mpandray anjara ny atrikasa nataon'ny HCC

Nanatanteraka atrikasa tao amin'ny Hotel Magneva eto Manakara, renivohitry ny faritra Fitovinany ny alakamisy teo ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), atrikasa nentina indrindra nampahafantarana ny andraikitry ny HCC mahakasika ny lalam-pifidianana eto amin'ny firenena, ka solontena vitsivitsy avy amin'ity rafitra ity no tonga nampahafantatra izany tamin'ireo olona nahazo fanasana, izay nahitana antoko politika sy tomponandraiki-panjakana ary ny fiarahamonim-pirenena. Ankoatra ny fampahafantarana ny andraikitry ny HCC dia nomena sehatra ihany koa ireo mpizaika tamin'ny fametrahana fanontaniana. Amin' ny ankapobeny, tsy nahafapo ireo valinteny nomen'ireto solontenan' ny HCC ireto raha ny fanazavan'ireo izay nandray anjara tamin'ity atrikasa ity, saingy nekena hoy izy ireo mba tsy ifandirana. Isan'ny valinteny nanaitra ny mpivory ihany koa ny nilazan'ireto mpanolotsaina ambonin'ny HCC ireto, fa tsy vao androany no nisian'ny doublons ary tsy azo sokajiana ho fangalaram-bato izany araka ny fanazavan'izy ireo hatrany. Betsaka ireo antoko politika no naniry hiatrika ity fihaonana ity, saingy tsy naheno ny fisian'izao atrikasa izao, ka niteraka fimenomenonana tamin' ireo mpitarika politika aty an-toerana.

***Ny Valosoa***

Hetsika 13 mey 1972

# Hetsi-bahoaka nitaky fahaleovantena, fanagasiana, fitsinjaram-pahefana…

Ny hetsika 13 mey 1972 dia manambara fa ny hetsi-bahoaka sy ny hetsiky ny mpianatra tamin'izany fotoana, 50 taona lasa izay dia fitakiana ny fahaleovantena, ny fanagasiana, ny fitsinjaram-pahefana,…
Araka ny fanambarana: hetahetam-bahoaka sy tombontsoam-bahoaka no nitolomana tamin'izany, nanerana an'i Madagasikara ny hetsika. Nanomboka tamin'ny mpianatra dia niitatra tamin'ny sehatra rehetra.
Notoherina ny fampianarana izay tsy mifanitsy tamin'ny zavamisy teto Madagasikara. Sekoly niangatra, sekoly sivana, izay niteraka tsy fitoviana teo amin'ny zaza Malagasy.
Notakiana ny fanafoanana ny dinam-panandevozana nataon'ny Frantsay. Vola sy toekarena voageja sy voaroba, tany lonaka nobodoina, fitantanana firenena nofehezina, kolontsaina nopotehina, tafi-bahiny namoritra,...
Fanjanahantany amin'ny endriny vaovao no nataon'ny Frantsay teto tamin'izany.
Hetsibahoaka nitaky ny Fahaleovatena, ny Fanagasiana, ny Famahoahana ary ny Fitsinjaram-pahefàna no nisy tamin'io fotoana io. Fitakiana madio sy fitadiavana tombontsoa ho an'ny besinimaro no natao.
Napetraky ny Zaikabem-pirenena nandraisan'ny lafivalo anjara fa:

**Sarobidy ny fiandrianam-pirenena**

Miala eto ny tafi-bahiny rehetra. Ary tsy mitsabaka amin'ny fiarovam-pirenena intsony ny vahiny. Miala eto ireo vahiny amin'ny Rafi-panjakana samihafa. Miala amin'ireo tany lonaka nobodoiny manerana an'i Madagasikara ireo vahiny.

**Nirosoana ny Fanagasiana**

Ny Malagasy no masimandidy sy mitantana amin'ny lafim-piainana rehetra. Ny Kolontsaina Malagasy no ifotorana hanaingana ny fampandrosoana. Ny Tombotsoan'ny Malagasy rehetra hatrany ambanivolo ary manerana an'I Madagasikara no nibaiko ny fandaminana sy ny fitantanana ny lafimpiainana rehetra.

**Napetraka ny Famahoahana**

Ny rehetra na ny vahoaka rehetra no nandray anjara tamin'ny lafim-piainana rehetra, fa tsy ny olombitsy sy faritra vitsy. Mandray anjara mavitrika ny rehetra amin'ny fampandrosoana azy, na eo amin'ny toekarena, na politika, na sosialy,na koltoraly, sns…
Ny Malagasy rehetra isan-tokantrano dia hanana fahefa-mividy sahaza araky ny asa sy fahaizany.
Niely hatrany ambanivolo manerana an'i Madagasikara ny fahaizana sy fahalalana, mba hampitombo ny fahefa-manaon' ny isam-batan'olo-na.
Tombontsoan'ny maro an'isa no nokendrena hatrany, fa tsy ny an'ny vitsy an'isa. Nolavina ny jadona, ny fanampenambava tamin'ny endriny rehetra. Zo fototra ny fahalalahana maneho hevitra.

**Hampiharina ny Fitsinjaram-pahefana**

Masimandidy ary tompom-pahefana ny olompirenena mivondrona isaky ny ambaratonga miainga eny ifotony(Fokonolona, Kaominina, Faritra,..).
Samy hahazo ny tandrify azy ara-drariny eo amin' ny fitsinjarana ny ho entimanana sy ny harem-pirenena ny rafitra rehetra.
Mitandro ny fandrosoan' ny ambaratonga rehetra ny Fanjakana Foibe amin' ny fahaiza-mitantana anaty mangarahara.

**Ny nasetrin'ny mpitondra**

Fanagadrana sy famonoana olona no nasetrin'ny mpitondra tamin' izany. Telopolo mahery no maty ary maro no naratra. Tolona masina no natao teto. Tsy mbola tratra ny tanjona amin'izao fotoana izao: na dia teo aza ny fahaleovantena politika an'i Madagasikara, ny fitondràna politika nifandimby, nandritr'izay 62 taona izay, dia tsy nahavita niaro ny tombontsoan'ny Vahoaka sy ny Firenena Malagasy.
Tsy mbola tanteraka ny fiandrianam-pirenena. Ny vahiny no mifehy, mibaiko ary mahazo tombontsoa mihoa-pampana amin'ny fandraharahana ara-toekarena, ka migoka ny harem-pirenena malagasy. Raha ny Frantsay no nanjaka tokana teo aloha dia nanomboka nahazo vahana koa ny hery mpananibohitra hafa: vahiny hafa: karana, sinoa,… Mitombo andro aman'alina ny fandrobàna ny harem-pirenena ary fanondranana izany an-tsokosoko.
Ianteheran'ny vahiny amin'izany ireo teratany Malagasy vitsy an'isa mpiankindoha amin'ny any ivelany na nitondra fanjakana na mpiaradia aminy tety ivelany. Eo ihany koa ireo karana sy sinoa tena lasa mpanefoefo sy mpandroba harempirenena. Ny mpitondra amin'izao fotoana tarihan'ny filoha Rajoelina dia isan'ny mpanome sehatra ireo vahiny mpanabotry firenena amin'izao fotoana.
Bokan'ny trosa ny Firenena, satria tsy nahavelontena mihintsy. Ireo famatsiambola avy any ivelany no miantoka ny fampandrosoana.
Mbola bodoin'ny Frantsay ireo Nosy Malagasy manodidina, na efa nisy aza fanapahankevitry ny Firenena Mikambana (ONU) manome antsika izany.
Ao anatin'ny fahantrana tanteraka ny fiarahamonina malagasy ankehitriny. Olombitsy no mahazo ny tombontsoa eto amin'ny Firenena. Tsy mitsahatra mitombo ny elanelana eo amin'ny sokajin'olona manana sy mahantra. Mihanaka ny tsy fandriampahalemana, manjaka ny kolikoly sy ny fanararaotam-pahefàna.
Arak'izany, tsy tratra ny tanjona 50 taona aty aoriana, nanaovana ireo fitakiana samy hafa.

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## 13 mey 1972 :
## mila maka lesona ny mpitandro filaminana

Dia variana ny olom-pirenena nahita ireto lazaina ho « mpitandro filaminana » marobe, tao ireo anaty fiara, tao ireo nilahatra nifamezivezy tamin'ny araben'ny fahaleovantena omaly zoma 13 Mey. Ny tsy nahalala, dia nanontany tena hoe, fa misy inona, moa mikorontana ny tany sy ny fanjakana ? Rehefa samy nisaina kely avy, izay vao nahatsiaro, fa nitsingerina ny andron'ny 13 Mey 1972, ary feno 50 taona katroka omaly ny hetsika nataon'ny mpianatra nanoherana ny tsy ara-drariny sy hitsiny mendrika ny fahaleovantena marina sy madio mangarahara. Hetsika nanoheran'ireo mahatsiaro fa voageja ity firenena ity ary olom-bitsy amin'ny mpiray tanindrazana ihany no miray petsapetsa miaraka amin'ny vahiny, indrindra ny Frantsay no manao izany. Ny taona 1971 dia efa nisy izany hetsi-bahoaka izany, tany atsimo, ary nisy ny aina nafoy, fa nisongadina sy vao mainka niha-mafy izany tamin'ity andron'ny 13 Mey 1972 ity. Ny tsy azo ekena ao anatin'izany, dia miaramila malagasy ihany no sahy mandatsaka ny ràn'ny mpiray tanindrazana aminy taorian'ny niverenan'ny fahaleovantena. Fa inona no fomba namolavolana azy ireo ho sahy ho tonga amin'izany? Moa ve hiditra ho miaramila na mpitandro filaminana, mba handatsaka ràn'ny mpiray tanindrazana? Adihevitra lehibe tokony horesahana mazava eto amin'ny firenena izany?
Mbola nitohy izany tranga izany taty aoriana. Moa niampita ny leson-dratsy ka lasa ifandovan'ireo nandimby nanaraka tao anatin'izany fitondrana fanamiana mitovy iraisan'izy ireo izany? Ankehitriny, rehefa mahita ireo mpitandro filaminana mivangongo eny amin'ny araben'ny fahaleovantena, indrindra amina tsingerintaona manan-tantara toy ny omaly, dia maha saropiserana ihany, ary mahakivy na mahasorena ny olom-pirenena ihany ny mahita azy ireny. Iaraha-mahalala mantsy ny antony mahatonga azy ireo ho eny amin'ireny toerana ireny, ary fahita mandrakariva izany amin'ny toe-javatra toy izany. Ho an'ny maro, dia mametra-panontaniana ihany hoe: tsy mba mahatsiaro ho tomponandraikitra tamin'ny fandatsahana ràn'ny mpiray tanindrazana tamin'ireny fotoana ireny ve izy ireo na dia hoe tsy nandray anjara tamin'izany aza? Sa minia mikimpy sy minia tsy mahalala ny nisian'izany fa an'ny zokin'izy ireo teo aloha izany? Ireto andiany am-perin'asa ireto ve tsy vonona hanarina ny fahadisoan'ny tany aloha, fa hanao izay atrehiny ankehitriny fotsiny dia izay mitranga eo na ho tonga amin'ny ratsy toy ny teo aloha indray aza? Fa iza no namolavola an'ireo hatramin'ny lehibeny? Aoka tsy ho hadinoina fa masina ity tanindrazana ity, ary manan-kasina ny vahoaka malagasy, fa izay tsy mitandro izany dia hizaka ny vokany.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### 13 mey 1972

# Ny momba ny hetsiky ny mpianatra sy ny hetsi-bahoaka tamin'izany

50 taona lasa no nihetsika ny mpianatra teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, nitaky ny fanagasiana sy ny fampitovian-jo ny mpianatra malagasy sy vahiny, nandranto fianarana teto Madagasikara. Ho an'ny olompirenena efa naharaka ny toe-draharaham-pirenena tamin'izany fotoana izany dia nihevitra fa tsy ny fampiasana ny teny malagasy nentina nampianatra sy nampiasaina ny voambolana malagasy teo amin'ny fandrafetana ny bokin'ny taranja rehetra ihay no anisan'ny notakiana. Iaraha-mahatadidy fa boky nampianarana sy programa tany Frantsa no narahina nandritra ny Repoblika I. Vazaha teratany frantsay no maro tamin'ny mpampianatra sy ireo tomponandraikitra tany amin'ireo sekoly niankina tamin'ny fanjakana ambaratonga faharoa sy teny amin'ny Oniversite. Taorian'iny tolona tamin'ny 1972 dia nantsoin'ny fitondran'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel niverina an-tanindrazana ireo mpianatra malagasy nianatra tany ivelany, nisolo toerana ireo mpampianatra vazaha. Niteraka olana ihany ny fanagasiana ny voambolana teo amin'ny mpianatra indrindra indrindra. Maimaimpoana ny fitsaboana teny amin'ireo hopitalim-panjakana rehetra ary tsy nanavakavaka ny mpitsabo, ka tamin'ny fo feno fitiavana sy fanetren-tena no nandraisan'izy ireny ny marary. Teo amin'ny sehatra politika dia ny fitondrana frantsay no nibaiko teo amin'ny politikam-pitantanana ny firenena ary nisy ireo ministra teratany farantsay tao amin'ny governemanta. Tsy vitsy koa ny mpanolotsaina teknika frantsay tany amin'ny minisitera isan-tokony. Tsy maintsy nosoloina izy ireny ary nanendry teratany malagasy nandray ny toerany tamin'ny governemanta Ramanantsoa kanefa, hita taratra tamin'izany sahady ny disadisa ara-politika teo amin'ny samy ministra ka azo ninoana fa nitarika ny fametraham-pialàn'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel teo amin'ny fitondrana ny Firenena. Teo amin'ny sehatry ny toekarena dia nanjakazaka tokoa ireo kaompania frantsay (Marseillaise, Lyonnaise,…) satria saika azy ireny daholo ny tany midadasika ary Malagasy no nampiasainy tamin'ny fameloma-maso izany. Nalain'ny fanjakana avokoa ireny tany ireny, ka nozaraina tamin'ny Malagasy ary toy izany koa ny orinasa nitantanana ny famokarana jiro sy rano (Electricité et Eau de Madagascar) ary ny nisahana ny fitaterana (Chemin de Fer de Madagascar). Raha nahafehy tsara ny fitantanana ireny orinasa nagasiana ireny ny mpitondra taorian'ny tolona 1972 dia ho nandroso tokoa ity Firenena ity. Niarahan'ny taranaka Malagasy niaina tamin'ny Repoblika I mantsy fa tena tsy nanana olana izy ireny, fa ampy ary nanan'amby aza ny vola azony teo amin'ny asampivelomana nataony, na ny mpiasam-panjakana, na ny mpiasa tany amin'ny orinasa tsy miankina, na ny mpiasa tena. Nifanindry an-dàlana tamin'ireo ny tokony nanomezana vahana ny malagasy teo amin'ny sehatry ny toekarena. Fiainam-bahoaka. Tsy nanana olana teo amin'ny vidim-piainana ny vahoaka Malagasy tamin'izany fotoana izany kanefa hita fa tsy mbola tao amin'ny olompirenena sasany izany fitiavan-tanindrazana izany ka folo taona taorian'ny 1972 dia nibahana tao amin'ny politisiana gasy sahady ny fitiavantena ka nanomboka nirorona ny fiainam-pirenena teo amin'ny sehatra rehetra. 50 taona aty aoriana dia tsy hita taratra intsony ny fanagasiana nandrandraina tamin'ny 1972, ka miverina amin'ny programam-pampianarana amin'ny fiteny frantsay ny eto amin'ny Firenena ary tsizarizary sy mitotongana ny fahaizan'ny ankizy ary mihoatry ny antsasamanilan'ny ankizy no tsy tafiditra an-tsekoly intsony. Atsangana ny sekoly lazaina fa manara-penitra kanefa tsy mampiova ny toe-javatra iainan'ny mpianatra na ny mpampianatra eo amin'ny fitaovana izany. Zarazarain'ny politika ny eny amin'ny Anjerimanontolo, na ny mpampianatra na ny mpianatra na ny mpandraharaha, ka tsy misy intsony ny firaisan-kina. Aorina ny hopitaly manara-penitra kanefa dia tsy misy fitaovana mifandraika amin'izany. Lazaina fa maimaimpoana ny fitsaboana kanefa dia mijaly ny tsy manam-bola fa miverim-potsiny raha mba mandeha eny amin'ireny hopitaly ireny. Eo amin'ny sehatry ny toekarena indray dia ny vahiny no manjaka ary izy ireo no tompon'ny ankamaroan'ny orinasa ka mitsipozipozy ny an'ny malagasy ary mbola takian'ny mpitondra hetra mihoapampana ihany. Bodoin'ny vahiny koa ny tany hitany fa azo anorenana na mamokatra, ka mihanahana fotsiny sisa ny teratany Malagasy satria tsy mahazo rariny na mitory aza. Lasan'ny mpanambola na vahiny na teratany Malagasy ny orinasam-panjakana na ny tanim-panjakana. Firenena farany mahantra indrindra maneran-tany i Madagasikara 50 taona aty aorian'ny "fanagasiana" notakian'ny avara-pianarana tamin'izany fotoana izany. Tsy "avara-pianarana" fotsiny anefa ny manodidina ny filohan'ny Repoblika amin'izao fotoana izao fa "atidoha" (cerveaux) daholo.

*Andry Tsiavalona*

Oniversiten'Antananarivo

# Nankalaza ny hetsi-bahoaka tamin'ny 13 mey 1972

Nitsingerina omaly ny hetsi-bahoaka tamin'ny 13 mey 1972, nanoherin'ny mpianatra sy ny vahoaka tamin'izany fotoana ny fanjanahantany tamin'ny endriny vaovao nataon'ny mpanjanaka Frantsay teto amintsika. 13 mey 1972 - 13 mey 2022, feno 50 taona tokoa omaly ny daty nitoloman'ireo mpianatry ny Anjerimanontolo ho an'ny fanagasiana (malgachisation), sy ny mangarahara sy famahoana na democratisation. Tafiditra tao anatin'ny fitakina teny amin'ny lapan'ny tanàna Analakely ihany koa tamin'izany fotoana izany ny fanovana ny rafi-pampianarana. Nahatsapa ho teritery izy ireo, ka niroso tamin'ny fitakiana. Ny tsy fahazoana mampiasa ny teny malagasy no anisan'ny tena naharary ireo mpianatra. Toy ny isan-taona, nisy ny hetsika fankalazana ity daty ity teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Nisy ny kabary nataon'ny filohan'ny Onivesiten'Antananarivo, narahan'ireo olona manan-kaja isan-tsokajiny. Nisy ny hetsika ara-kolontsaina nanamarihana izany, toy ny "zumba", ny hira gasy nataon'ny tarika Ramilson Besigara... Nahitana fampirantiana isan-karazany koa izany teny an-toerana, izay nentina nampahafantarana ireo mpitsidika ny momba ny hetsika tamin'ny 13 mey io. Liana tamin'izao hetsika natao teny Ankatso izao ireo mpianatra amin'izao fotoana.

*Isambilo*




*Ny hetsika momba ny 13 mey 1972 teny Ankatso.*

TONONKALO

## Disodisokely indray

Disodisokely indray ve ny filohanay hajaina ?
Tsy indroa na hoe intelo f`efa tena tsy hay isaina.
Ny asa marika mihitsy ve no tsy dia manavanana ?
Dia ahoana ny ho fiantraikany amin`ny fomba fitantanana ?

Folo injato dia lazaina f`efa miakatra ho iray hetsy .
(Tafahoatra ny hadisoana , mampiafina lehiretsy !)
Moa ny teny izay nambara , tsy mba nisy fanomanana ?
Aza gaga raha mivaona hatramin`ny fomba fitantanana !

Disodisokely indray ve ny filohanay hajaina ?
Tsy manitsy , tsy manoro koa ireo mpanolotsaina ?
Sa mitazantazam-potsiny sy toa faly hanindrahindra,
Fa hoe "ny fisolelahana" , io no lehibe indrindra ?

…Be dia be ny antontan`isa tena hita fa tsy marina.
Tena hita ho notefena sy niniana namboamboarina.
Saingy avy any ambony moa ka dia mazàna no leferina,
Na dia hita f`efa tena hadisoa-miverimberina !

*TSIMIMALO (10-05-22)*

SOAVINANDRIANA

# Miandry ny filoha Ravalomanana Itasy ny alatsinainy izao

Miandry ny filoha Marc Ravalomanana ny vahoakan'ny faritr'Itasy ny alatsinainy ho avy izao, any Soavinandriana no fotoana. Nikarakara izay hetsika lehibe izay, ao anatin'ny fameloma-maso ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny birao politikan'ny antoko, notarihan'ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro sy ny mpandrindra nasiônaly Jean Claude Rakotoarisoa ary ny depiote Fidèle Razarapiera tamin'ity herinandro ity. Nampahafantatra ireo tompon'andraikitra arapanjakana any amin'ny faritra Mandridrano izany hetsika hatao izany izy ireo omaly, nivory manokana ny OMC tany antoerana noho ity hetsika hatao ity. Ny fahazoandalana dia tokony tsy ho olana satria ny antoko TGV aza tany Antsiranana afaka nidina an-dalambe, koa nahoana raha ny TIM no hamory vahoaka no tsy hahazo ? Ao anatin'ny fepetra tokony hivoahan'ny vola homen'ny mpamatsy vola antsika, ny tokony hisian'ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra eto amin'ny firenena, ka heverina fa ho raikitra ny fihaonana ny alatsinainy io, anjaran'ny mpitandro ny filaminana ao amin'ny OMC faritr'Itasy kosa no hitandro ny filaminana amin'izany, izany rahateo no andraikitr'izy ireo, fa tsy handrava ny hetsika hatao tsy akory. Koa alatsinainy mifankahita any Soavinandriana.

*Isambilo*



*Ny tanànan'i Soavinandriana, any amin'ny faritr'Itasy.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.


Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.


Tandrify R.

BAREAN'I

# Fantaro ireo mpilalao 27 mirahalahy hiatrika an'i
















































MADAGASIKARA

# Angola, Centrafrique ary Ghana




























LALAO BASIKETY

## Hanakoako ny any Toamasina hanomboka anio

Hanakoako hanomboka anio sabotsy 14 mey, ka tsy hifarana raha tsy any amin'ny alahady 22 mey 2022, ny lalao basikety eto amintsika, izay ahitana fifaninanana goavana miisa roa be izao, ho tanterahina ao amin'ny kianja mitafon'i Soavita sy ao amin'ny kianja mitafon'ny Crjs any Toamasina avokoa dia ao ny fifaninanam-pirenena "Basket N1 A Phase préliminaire Conférence Est Hommes" sy "Basket N1 A Dames phase 1".

Ekipa 6 no hiatrika ny fifaninanana N1 A lehilahy dia ny Ascut Atsinanana, Cospn Analamanga, Cosfa Analamanga, As Fanalamanga Alaotra Mangoro, Cospn 2 Atsinanana ary ny Abbs Sava.

Ekipa miisa 12 nozaraina ho vondrona roa kosa no handray anjara amin'ny fifaninanana sokajy N1 A vehivavy, ka ao amin'ny vondrona A no ahitana ny Mb2All Analamanga, Ankaratra Vakinankaratra, Jea Vakinankaratra, Ascut Atsinanana, Assm Analamanga ary ny Btbba Diana. Ao amin'ny sokajy B kosa no misy ny (Sbbc Boeny, Cospn 2 Atsinanana, Serasera Vakinankaratra, Tamifa Amoron'i Mania, Tgbc Betsiboka ary ny Asa Analamanga).

Mazava ho azy fa ny ligim-paritry ny basikety any Atsinanana eo ambany fiahian'ny FMBB, miaraka amin'ny M-Vola no tompo-marika amin'ny fikarakarana an'ireo fifaninanana ireo.

Fandaharan-dalao hatrehana anio sabotsy 14 mey 2022 ho tontosaina ao amin'ny kianja mitafon'i Soavita :

08:30-D : Jea Vakinankaratra # Serasera Vakinankaratra,
11:15-D : Assm Analamanga # Tgbc Betsiboka,
14:15-D : Mb2All Analamanga # Sbbc Boeny,
16:00 : "Ouverture Officielle"
16:45-D : Ascut Atsinanana # Tamifa Amoron'i Mania,
18:30-D : Ankaratra Vakinankaratra # Cospn 2 Atsinanana.

***Rainilita***

Ligy rejiônalin'ny basikety any SAVA

## Any Vohemara no hanatanterahana ny ho tompondaka U18 lahy sy vavy




*Ligin'ny baskety any Sava.*

Ho tanterahina any Vohemara, ao amin'ny kianja « stadium » any an-toerana, ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondaka rejiônalin'ny Ligim-paritr'i Sava hanombaka anio sabotsy 14 mey 2022, ka hatramin'ny rahampitso alahady 15 mey 2022.

Notonsaina omaly zoma 23 mey tao amin'ny Galaxy HÔTEL, mbola any Vohemara ihany, no dinikasa « Réunion technique » namariparitana ny pitsopitsony nilaina rehetra amin'ny fanatanterahana an'ity hetsika ity.

Marihana fa ireto avy ireo ekipa mandray anjara amin'ity fifaninanana ity :

-SGPI Vohemar, -JAP MADA ANTALAHA,
-JAP MADA VOHEMAR, -SOMAVA ANTALAHA.

***Rainilita***

Fanatanjahantena eto Analamanga


## Mihetsika ny Basikety sy Handball ary ny Judo

Hosokafana eny Ankatso anio sabotsy 14 mey 2022 ny fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin' Analamanga eo amin'ny taranja basikety baolina, ka ankoatra ny filaharana hataon'ireo klioba ao anatin'ity ligy ity dia hisy lalaom-pirahalahiana roa sokajy U18 lahy sy vavy ho tanterahina hifanandrinan'ireo izay niatrika CAMP sy ny ekipa voafantin'ny U18 Analamanga.

Eny amin'ny kianja mitafon'ny Ans Ampefiloha kosa, no hanatanterahana ny fiadiana ny ho tompondakan'Analamanga eo amin'ny taranja Hand- ball. Mbola amin'ity sabotsy 14 mey 2022 ity ihany koa ny fanombohana an'izany.

Ho tontosaina eny amin'ny kianja mitafon' Ankorondrano amin'ny sabotsy 28 sy amin'ny alahady 29 mey 2022 ho avy izao kosa, ny fifaninanana judo fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin' Analamanga 2022. Ho an'ny sokajy "Poussins" dia Sumo Kids no hifaninanana, Ho an'ny sokajy "Benjamins" dia ny Ni, Waza Challenge, ho an' ny sokajy "minimes" sy "cadets" ary "Juniors" sy "Séniors" dia ny "Compétition Individuelle" no hatao.

***Rainilita***



*Judo eto Analamanga.*

VOASAMBOTRA IREO MPISOLOKY

# Vehivavy misandoka ho mpitsabo sy lehilahy milaza ho mpiasan'ny JIRAMA

Isehoana asa fisolokiana ihany koa ny any Mahanoro any amin'ny faritra Atsinanana, vehivavy iray misandoka ho mpitsabo, sy lehilahy iray milaza ho mpiasan'ny Jirama, no voasambotra tany an-toerana. Tsy mitsahatra manao ny ezaka hamongorana ny tsy fandriampahalemana sy fisolokiana amin'ny lafiny rehetra ny Polisim-pirenena any Mahanoro. Miara-miasa amin'ny olona tsara sitrapo izay manome vaovao ho azy ireo hatrany ireto farany, ka izany no anisany nahazoana ireto vokatra tsara ireto: Ramatoa iray misandoka ho mpitsabo amin'ny alalan'ny ody gasy, no saron'ny Polisy any an-toerana. Io asa ratsy ataony io anefa dia entiny hisolokiana sy hamitahana ary hangalarana ireo fananan'olona izay tsaboiny, toy ny firavaka sarobidy, kafe ary amidiny izany avy eo, saingy tsy averiny ny vola rehefa lafony izy ireny. Maro ireo olona nitaraina tonga tao anivon'ny biraon'ny Polisy mahakasika ny fisolokiana izay vitan'ity Ramatoa ity hatrany Moramanga, ka hatrao Mahanoro.



Ireo mpisoloky tratra tany Mahanoro.

Voasambotra ihany koa ny lehilahy iray izay misandoka ho mpiasan'ny Jirama avy aty Antananarivo. Mitety trano no ataony ary milaza fa mahatafiditra jiro sy manafaingana izany. Manao fanamarihana "compteur" sy faktiora ihany koa izy, satria isan'ny misandoka ho mpanara-maso avy amin' ny Jirama. Efa natolotra ny fampanoavana izy ireo ary notazomina am-ponja vonjy maika any amin'ny fonja any Vatomandry.

***Niaina***

Tsy milamina ny faritra Menabe

# Maty voatifitra ny Lietnà Noely lehiben'ny zandary

Tsy mandry fahalemana ny any amin'ny faritra Menabe amin'izao fotoana, ankoatra ny any amin'ny distrikan'i Mahabo, Miandrivazo,… tsy milamina koa ny any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina. Mahazo vahana ny asandahalo toy ny halatr'omby, fakàna an-keriny. Namoy ny ainy nandritra ny fampandriana fahalemana tany an-toerana ny Lietnà Noely na Mahafaly de Martini Noel, "Officier-Coordinateur" ao Belo Tsiribihina, ny alakamisy teo. Raha ny vaovao voaray, nikasa hisambotra dahalo antsoina hoe "Kapiteny" izy sy ny zandary mpiaradia aminy. Rehefa hiditra tao amin'ny fokontany Masiatsifaky Bebozaka, kaominina Antsoha izay efa manakaiky ny kaominina Belinta izy ireo dia nahazo toromarika hamahana basy avokoa. Raikitra ny fifampitifirana tamin'ireo dahalo ka voatifitra teo amin'ny lamosiny tamin'izany ny Lietnà Noely, tamin'ny 03 ora maraina. Nisy tamin'ireo dahalo ihany koa no namoy ny ainy, ny sasany vaky nandositra.



Lietnà Noely fahavelony.

Nolanjain'ny namany nanomboka tany amin'ny toerana nahavoa azy ny Lietnà Noely, ka very rà be loatra teny an-dàlana. Tamin'ny 02 ora tolakandro kosa izy no namoy ny ainy. Fiaramanidina kely no niandry tao an-taponTanànan'i Belo Tsiribihina. Nentina tany Morondava avy hatrany ny vatana mangatsiakany ny andron'ny nahafaty azy.

Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany, sy ny fianakaviamben'ny zandarimariam-pirenena.

***Stefa***

Fmmbm

# Manomana androm-bavaka maneran-tany ho an'ny kristiana rehetra

Amin'ny volana Jona 2022 ho avy izao, no hotanterahina ny "Androm-bavaka maneran-tany", ho an'ny Kristianina sy ireo fikambanana rehetra misehatra amin'ny tontolon'ny Kristianisma. Hetsika ara-panahy karakarain'ny Fmmbm (Fikambanan'ny Mpiara-Mamaky Baiboly eto Madagasikara), izay mitondra ny lohahevitra hoe: "Ny fiadanana sy ny fihavanana ary ny fahamasinana no fototry ny maha Kristianina". Nilaza Andriamatoa Rafalimanana Camille, filoha nasionalin'ny Fmmbm, fa hisy androm-bavaka isam-paritra sy fifanakalozana Pilipitra ataon'ny Fiangonana, 10 andro mialohan'ny fotoana voatondro ary hisy diabe manerana ny tanànan'Antananarivo hataon'ny Kristianina, ho famporisihana ny fikambanana hanao hetsika mitondra soa ho an'ny fiarahamonina. Nanamafy ny filoha nasionalin'ny Fmmbm, fa ny Kristianina iray dia maniry fiadanana ho an'ny tenany, sy ho an'ny mpiray tanindrazana no sady mandala fihavanana amin'Andriamanitra sy ny olona ary mikatsaka ny fahamasinana. Ny tanjon'ny hetsika dia tokony ho hita taratra eny amin'ny Kristianina tsirairay, fa mandala ny fihavanana sy ny fahamasinana amin'ny zavatra atao rehetra ny olona manompo an'Andriamanitra. Marihina fa isan-taona dia nanatanteraka ny "Androm-bavaka maneran-tany " i Madagasikara nanomboka tamin'ny taona 1998 ary nitsahatra nandritra ny 2 taona ny hetsika nohon'ny fisian'ny "Covid". Mbola tsy fantatra hatramin'izao ny toerana hanatanterahana an'ity "Androm-bavaka" ity, fa tsy maintsy hampahafantarina miandalana izany, miankina amin'ny fandaminana alohan'ny 04 Jona 2022 ho avy izao.

Mampiely ny baiboly ihany koa ny FMMBM.

***Franck Razakambelo***

Kamiao sy sprinter nifandona

# Maromaro ireo maty sy naratra mafy tany Anjiro Moramanga


Nisehoana loza mahatsiravina tany Anjiro distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro omaly. Kamiao sy fiara mpitatitra Sprinter no nifandona mafy tamin'izany. Vokany: olona maromaro no maty sy naratra mafy. Raha ny vaovao voaray, niampatrapatra ny razana, nahatratra 6 no namoy ny ainy am-polony ireo naratra mafy. Niharan-doza ny Camion semi-remorque sy taxi-brousse sprinter rehefa nifanena. Ireo naratra dia nentina haingana tany amin'ny Hopitaly Manjakandriana.

***Niaina***



Loza mahatsiravina nitranga tany Anjiro Moramanga.

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy ovy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rony izany, na atao ridritra marihitra na purée iny no filaza azy. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo amin'ny tamotamo sy tantely ary voasarimakirana

Ny soa azo amin'ny tamotamo sy tantely ary voasarimakirana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mampatanjaka ny hery FIAROVANA ireo mifangaro, antibiotika voajanahary, manala fanaintainana.

- Miaro sy manala kohaka.
- Miaro sy manala sery.
- Manala tazo
- Fanafody asthma namisohiaka, sempotra aretin'ny taovam-pisefona.
- Mampidina tosi-drà.
- Tsara ho an'ny olona Diabetika.
- Manala fanaintainana amnyin vanin-taolana.
- Miaro amin'ny homamiadana na cancer.
- Miaro amin'ny aretin'ny voa.

Fomba fikarakarana azy :

1 sotro lehibe tamotamo, atao anaty kaopy na vera dia asiana TANTELY 1 sotro lehibe dia asiana ranona voasarimakirana 2 sotro lehibe, afangaro tsara dia saronana, avela eo 10 min izay vao hanina. Hanina isan'andro, raha zaza dia mihena ny fatrany.

Aleo tamotamo no vidiana dia kikisana, fa aza mividy tamotamo vovoka ireny.



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 07/05/2022 hatramin'ny 14/05/2022**

- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1297-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIAROVANA ARA-BAROTRA NANDRITRA NY 5 TAONA**

# Maro ireo orinasa nahazo tombontsoa noho ny nataon'ny ANMCC

Tranoeva mampahafantatra ny andraikitry ny Anmcc (Fahefam-pirenena miandraikitra ny fepetra fanitsiana ara-barotra), sy ny tombontsoa azon'ireo Indostria amin'izany, no hisongadina mandritra ny fankalazana ny faha- 5 taona nijoroan'ny Anmcc, izay hatao etsy amin'ny Ortana sy Ccia (Chambre de commerce et de l'Industrie) Antaninarenina ny 18 May 2022 ho avy izao. Ankoatra ny tranoeva fampirantina dia hisy ny varotra, izay hataon'ireo Indostria nahazo tombontsoa tamin'ny fampiharana ny fiarovana ara-barotra, izay niandreketan'ny Anmcc. Hisy ihany koa ny fampahafantarana ny anjara andraikitr'ireo sampandraharaha toy ny « Bureau de norme de syndicat des Industries », ireo « Laboratoire » izay niara-nisalahy tamin'ny Anmcc, teo amin'ny fanondranana sy ny fanafarana entana teto Madagasikara. Nilaza Andriamatoa Barthelemy tompon'andraikitra voalohany




ao amin'ny Anmcc, fa nifantoka tamin'ny fanentanana an'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny handray andraikitra amin'ny asa izay sahaniny ny Anmcc tao anatin'ny 5 taona, avy eo niroso tamin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana, mba hahafahana mametraka ny fepetra ara-barotra. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa ny fepetra mikasika ny Paty, ny Bodofotsy, Vovon-tsavony, no efa manan-kery eto amin'ny firenena tato anatin'ny 5 taona nijoroan'ny Anmcc ary mety hanitatra ny fametrahana ny fepetra arabarotra any amin'ny vokatry ny tantsaha ny Anmcc, mba hisorohana ny fanafarana entana avy any ivelany. Nanamafy Andriamatoa Barthelemy, fa ny fiarovana ny mpamokatra eto an-toerana, izay tratran'ny fitobahan' ny vokatra avy any ivelany, no anjara asan'ny Anmcc ary mijery akaiky ny fisian'ny fandikan-dalàna eo amin' ny fifaninanana ara-barotra izay miteraka fahavoazana ho an'ireo mpamo-katra eto an-toerana, manoloana an'ireo orin'asa lehibe. Tsiahivina fa tsy mitsahatra nampahafantatra ny andraikitra sahaniny tao anatin'ny 5 taona ity Sampan-draharaha ity ary hitety faritra ireto farany, mba hahafahan'ny olona voa mafy amin'ny sehatry ny fandraharahana, handefa fitarainana, ka hanaovan'ny Anmcc fanadihadiana, mba hahafahana mametraka ny fepetra ara-barotra.

***Franck Razakambelo***

Hetsika momba ny zaridaina andiany faha-4

# Ho tantderahana ny 26 ka hatramin'ny 28 mey izao

Ho tanterahana etsy amin'ny Alliance Française Andavamamba indray, ny hetsika momba ny zaridaina, na ny « Festival des Jardins» andiany faha-4. Mpikarakara ny hetsika nandritra izay 4 taona amin'ity taona ity izy, ny Alliance Française Antananarivo sy ny orinasam-pifandraisan-davitra Telma Madagascar. Ho hita mandritra ny hateloana eny an-toerana ny kolontsaina sy ny fahaiza-manao momba ny zaridaina sy ny manodidina azy eto amintsika. Fotoana koa izany hampianarana ny mpitsidika ny fiarovana ny natiora sy ny tontolo iainana. Tranoeva miisa 40 mahery eo no hanao fampirantiana mahakasika ny zaridaina mandritra ny 3 andro, hampirantiana voninkazo isan-karazany, fanaingoana zaridaina, ny zezika ampiasaina eny an-jaridaina, ireo hazo fihinamboa,… Hisy ihany koa atrikasa sy kaonferansa mahakasika ny tontolon'ny zaridaina sy ny manodidina azy iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka: HarenaVoninkazo, Ecovillage sy ny Ferme d'Ambohimanga.
Mpitsidia miisa 3000 no handrasana amin'izao hetsika izao hoy ny mpikarakara.

***Aly***




BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 393**

**TENY MIFANAPAKA N° 393**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

**Mitsivalana**

**1.** Asiana fantsika **2.** Miantso – Mpanondro – Fiandohan'ny andro **3.** Mpanoritra – Kianteny – Tsirin-teny Iharana **4.** Hohaninao **5.** Foibe, toeram-piaingana **6.** Miaramila ambony – Mena lalandava **7.** Foko **8.** Ao an-damosina – Solfa **9.** Potehina (miv) **10.** Ariary – Heloka (miv) – Saka bory rambo

**Mitsangana**

**A.** Fanohizana zavatra iray **B.** Tamy – Tsofoka **D.** Antsasaky ny tany – Bozaka **E.** Tanisaina **F.** Ilainareo (miv) **G.** Eny, ekena – Dianao **H.** Mariky ny ho avy – Vokatra aoriana, tamberina (miv) **I.** Inona ? – Matanjaka **J.** Hita ao amin'ny fery – Faran-teny **K.** Anorenana

### Valiny Teny Tondro (0392)

***Mitsivalana***
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

***Mitsangana***
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0392

**Mitsivalana**

**1**.Sakafo - Tao **2**. Iraka - GR **3**. Lalina - Any **4**. Ina - Afafy **5**. Kil(a) - Dika **6**. Akany - In **7**. Eo - Nandao **8**. OO - Farara **9**. (T)aon(a) - Atao (miv) **10**. Lainga (miv) OO

**Mitsangana**

**A** Solika - Ora **B**. Anikeo **D**. Kilalao - An(a) **E**. Ary - Foy **F**. Fanadinana **G**. Fako (miv) - Ar **H**. Adinao **I**. Afindrao **J**. Kinga (miv) - Aato **K**. Ory - Avo


ZOMA SABOTSY
NY 27 & 28 MEY
Ho fankalazana ny
Fetin ny Reny
Fanomezana
Akanjo
Voninkazo
Arts Malagasy
Vokatra fikolokoloina ny tarehy
SAKAFO
Varotra Fampirantiana
ao @ MAGRO Behoririka
Contact: 034 79 076 00